Andraikitra: Fiofanana ho mpaka sary mpanampy sy storyteller

Toerana: Nosy Komba, Nosy Be, Madagascar

Fifanarahana: Fe-potoana voafetra, fotoana feno amin'ny 40 ora isan-kerinandro mandritra ny 8 herinandro.

Karama: Karama 1 tapitrisa Ariary isam-bolana

Fe-potoana fampiharana: 12 hariva EAT, Zoma 15 septambra 2023

Momba ny Madagascar Film & Photography (MFP)

Madagascar Film & Photography dia orinasa mpamokatra broadcast & media efa nahazo loka maro. Manam-pahaizana manokana amin'ny famokarana seho sy serivisy maro mifandraika amin'ny fahitalavitra, ONGs & brands, mifantoka amin'ny biby, olona & fiarovana.

Vao haingana izahay no nanao sonia fifanarahana havaozina isan-taona miaraka amin'ny Madagascar National Parks (MNP) izay ahafahanay maka horonan-sary sy maka sary amin'ireo valan-javaboary an-dranomasina sy an-tanety rehetra eto Madagasikara.

Ny anjara asa

Amin'ny maha-mpianatra Malagasy mpamokatra sinema sy/na mpaka sary, ianao dia hanampy ny ekipa amin'ny fakana horonan-tsary sy sary mba hanasongadinana ny maha-zava-dehibe ny valan-javaboary. Ianao dia hahazo fiofanana sy traikefa eny an-kianja ary hianatra ny asa fakan-tsary sy ny famokarana sarimihetsika. Ianao no manampy ny ekipa amin'ny fakana ireo sary manditra ny andro iasana sy mandritra expeditions, hiara-miasa akaiky amin'i Goff sy Chris (mpiara-manorina ny MFP) mba hahazoana ny fampiharana tsara indrindra. Ny anjara asa dia mahakasika ny dingana rehetra fakana sary sy horonan-tsary, manomboka amin’ny fanampiana amin’ny fanomanana ireo fitaovana, fahazoana ny seho, ny dingana rehetra fakana ny sary sy horonan-tsary, fanangonana sy firaiketana ary fanovàna ny horonan-tsary sy sary ary ny famoronana sy fizarana ireo asa amin’ny tambajotra serasera.

Adidy sy andraikitra fototra

- Miasa amin'ny maha-mpaka sary mpanampy eny an-kianja amin'ny maha ekipan’ny Madagascar National Parks Expedition.
- Manao fikarohana momba ireo tantara izay novolavolainay momba ny olana ara-tontolo iainana sy ny fiarovana azy ary ny fitondran-tenan’ny biby.
- Miara-miasa amin'ny ekipa hamorona antontan-kevitra manodidina ny maha zava-dehibe ny valan-javaboary.
- Manangona sy mitahiry ireo horonan-tsary sy sary
- Manampy amin'ny fanovàna video sy sary
- Manampy amin'ny famoronana sy fandefasana ireo asa amin’ny tambajotra an-tserasera

Fanamarihana: Ity fiofanana ity dia manome fahafahana ho an'ny fivelaran’ny tena manokana sy arak’asa amin'ny tontolon’ ny fakan-tsary, famantarana ny karazam-biby, ny fanovàna ary ny fitantarana. Ny mpianatra voafantina dia hahazo fitarihana sy fanoroana mandritra ny fiofanana.

Fepetra takiana amin'ny mpangataka

Izahay dia hijery sy hanombana ny fangatahana tsirairay, kanefa ny mpangataka dia tokony mahafeno ny ankamaroan'ny fepetra etsy ambany:

- Fitiavana biby sy ny fiarovana azy
- Manana fahaizana sy traikefa amin’ny fakana sary sy fanaovana sarimihetsika ny biby/fiarovana azy. Izahay dia mitady olona manana traikefa amin’io sehatra io. Tena mety raha manana traikefa farafahakeliny enim-bolana amin’io sehatra io ary ireo izay efa anatin’ny asa (manana taikefa tsy mihoatra ny 02 taona eo amin’ny sehatry ny asa)
- Mpianatra manana traikefa amin'ny fikarohana biologika na fiarovana ny natiora.
- Olom-pirenena malagasy
- Miteny Malagasy, Frantsay ary tena tsara raha miteny Anglisy.
- Mahay informatika ary mahafantatra sy manana fahalalana fototra mahakasika ny tontolon’ny sarimihetsika sy sary miaraka amin’ny famintinana ny asa teo aloha.
- Mpanao fanazaran-tena sy fanatanjahan-tena ary vonona hiatrika ny lalan-tsarotra toy ny fihaniana tendrombohitra sy mitoby amin’ny toerana lavitra*.
- Manana toe-tsaina miatrika sy mahay miara-miasa anaty ekipa.

* Ny asa dia ho atao any amin'ny faritra lavitra eto Madagasikara ary mety haharitra 2 na 3 herinandro any amin’ireo toerana izay haleha. Mety ho tafiditra ao anatin'izany ny fitobiana sy ny fandehanana amin'ny tendrombohitra sy ny toerana saro-dàlana.

Raha te ho mendrika ny fiofanana ny mpangataka dia tsy maintsy;

- Olom-pirenena malagasy ary manan-jo hiasa eto Madagasikara
- 18-35 taona

Izay azontsika atolotra

- Miankina amin'ny fahaiza-manao, ny mpianatra dia hampianarina teknika fototra /ambony kokoa amin’ny famokarana horonan-tsary sy fakàna sary.

- Fampiofanana amin'ny rindrambaiko fanitsiana sy fanovàna horonan-tsary sy sary toy ny Lightroom, Photoshop, Premier Pro ary After Effects na programa fanovana mitovy (raha ilaina).

- Mianatra ny fitantanana angon-drakitra, fikojakojana fitaovana fototra ary fampiroboroboana / marketing amin'ny media sosialy

- Fanofanana mifantoka amin’ny anjara asan'ny mpamokatra/fixateur eo an-toerana. Tafiditra ao anatin'izany fa tsy voafetra amin'ny fikarohana, storyboarding, antso miaraka amin'ireo mpisehatra sy lojistika.

- Ny fahaiza-mitantara fototra na fa mandroso arakaraky ny haavon'ny fahaizana

- Fianarana ny firaketana sy fanovàna

- Fanofanana sy fitantanana fototra amin'ny media sosialy

- 2 ora fanofanana voarindra tsara

- Mety hahazo asa amin'ny fotoana feno ao amin'ny MFP

- Fitomboan'ny tambajotra

- Mety hahazo mari-pakasitrahana sy manatsara ny CV

Ahoana ny fampiharana

Raha te handray anajara amin’ity fiofanana ity dia fenoy ity taratasy fangatahana ity alohan'ny 12 ora alina EAT Zoma faha 15 Septambra 2023.

Raha manana fanontaniana momba ny fiofanana ianao dia alefaso any amin'i Chris sy Goff ao amin'ny info@madafp.com

Ny fifampiresahana (na an-tariby na mivantana) dia ho atao ny herinandro manomboka ny 25 Septambra 2023 ary ny fanapahan-kevitra farany dia hampahafantarina amin'io herinandro io ihany. Ny daty fanombohana amin'ity fiofanana ity dia ny Alatsinainy faha 15 Oktobra 2023.